

N

Novambra 2008 – n°10 – Isaky ny telo volana

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

Trimestrielle

SOMMAIRE...

PARTAGE P.2-3

- Edito
- Quelle densité d'empoisonnement choisir?
- Le marché est encore vaste

COMPRENDRE ET ANTICIPEZ P.4

- L'aménagement des parcelles pour le grossissement

PROFESSION PAYSAN P.5-6

- KCSA- Comité Paysans
- Étude de marché des poissons: axe Miandrivazo-Tananarive

EVENEMENT P.6-9

- Mot de Remerciement
- « J'en suis convaincu »
- Écloserie de campagne
- Voyage d'étude Université de Majunga

PARTENARIAT P.10-11

- CSA- Comité ONG: rapprochement entre les offres et demandes de service
- Le nombre de pisciculteur ne cesse d'augmenter
- Le marché d'alevin à Betafo

COURRIERS DES LECTEURS P.11-12

- Comment développer le secteur agricole: les paysans et les techniciens vont de paire
- Poème: La culture de haricot et la pisciculture

TOPIMASO...

MIZARA P.2-3

- Sasinteny
- Trondro firy no tsara ompiana ?
- Mbola malalaka ny tsena

FANTARO KA OMANO MIALOHA P.4

- Ny fanajariana ny tanimbary (fanatavizana)

TONTOLON'NY ASA MAHA-TANTSAHA P.5-6

- KCSA- Komitin'ny tantsaha: Mihetsiketsika
- Ny tsenan'ny trondro Miandrivazo - Antananarivo

HETSIKA P.6-9

- Teny fisaorana manoloana ny fahavitan'ny fetin'ny fifaninanana mpiompy trondro mendrika
- « Resy lahatra aho »
- Fampanatodizana mandehandeha
- Fitsidahana ireo mpiompy trondro nataon'ny Mpianatra ao amin'ny Anjery manontolo ao Mahajanga

FIARAHA- MIASA P. 10-11

- CSA- Komity ONG/tetik'asa: Mampifanatona ny tolotra sy ny tinady
- Mitombo isa hatrany ny mpiompy trondro ao Matsiatra Ambony
- Raikitra ny fanamboarana ny tsena

TARATASIN'NY MPAMAKY P11-12

- Ny fampanandrosoana ny fiompiana sy ny famboleana: Tsy afa-miala ny tantsaha sy ny teknisiana
- Poema: Ny voly tsaramaso sy ny fiompiana trondro

N

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana:

Sanchez Frédéric (APDRA-F)

Tonia:

Rabarijaona Tsirihaina (APDRA- MADAGASCAR)

Mpanoratra:

Benedicte Lorgeoux

Ratiarivelo Vola

Razafindralambo Angelo

Sary :

APDRA- Madagascar

Fanitsiana: APDRA-F & APDRA- MADAGASCAR

Dika teny gasy:

Ratiarivelo Vola

Razafindralambo Angelo

MPANOHANA

Service de coopération et d'Action Culturelle



Conseil Régional de Basse Normandie



Conseil Général de l'Essonne



Toerana fanontana: APDRA- MADAGASCAR

Natonta ny : desambra 2008—150 isa- 150 exemplaires

Voapetraka ara-dalàna : desambra 2008

APDRA- MADAGASCAR

*Fiompiana trondro
Miaraha amin'ny
Tantsaha*



Association
Pisciculture et
Développement
Rural en
Afrique

Antenne de l'APDRA-France
à MADAGASCAR



« SASINTENY »

Akory aby isika mpamaky ny gazety. Miompana betsaka amin'ny vaovao tao anatin'ny telo volana sy ireo taratasy avy aminareo mpamaky ny seho manaraka fahafolo ity.

Anisan'ny vaovao hozaraina amintsika ny fahatongavan'ny fitaovana tsy mbola fahita teto Madagasikara dia ny "fampanatodizana mandehandeha" izany. Irariana fa hamaly tokoa ny hetahetan'ny tantsaha mpamokatra zana-trondro izy io amin'ny maha-azo afindra-indra azy sy ny fahafahana samy hafa mety ho vitany. Raha mahaliana anao dia zahao ny momba izany ao amin'ny pejiny "Hetsika".

Avy ny fotoanan'ny fiompiana zana-trondro ka efa manomboka mividy izay mivonona amin'izany. Betsaka ny mangetaheta ny fanazavana mikasika ny isan'ny trondro tsara ompiana raha te-hahazo vokatra mahafa-po. Indro averinay ato amin'ny pejiny "Mizara" ny tsara ho fantatra manodidina ny hakitroka mba hahafahanao manao ny safidy malalaka.

Rafitra vaovao ny CSA. Eo am-panomanana ny fifidianana ny komity tsirairay ny mpikarakara ho an'ny Distrika'ny Betafo sy ny ao amin'ny Faritr'I Matsiatra Ambony. Miresaka momba izany ny "Tontolon'ny asa maha-tantsaha" sy y "Fiaraha-miasa"

Ho an'ireo te-handray anjara amin'ny gazety na an-tsoratra na antsary, misy ny torolalana ka mbola anentanany anareo hatrany. Mipetraka eo ambany amin'ny pejy voalohany ny adiresin'ny gazety. Mahereza àry Tompoko mamaky !
Ny tonia.

« EDITORIAL »

Le bonjour à tous les lecteurs du journal. Ce numéro 10 est focalisé sur les nouvelles qui se sont produites sur le précédent trimestre ainsi que les lettres que vous nous avez adressées.

Une des grandes nouvelles du mois d'octobre était l'arrivée de l'écloserie de campagne ou l'écloserie mobile pour la première fois à Madagascar. Nous espérons que l'outil servira effectivement aux paysans producteurs ou aux petits entrepreneurs voire les organisations paysannes pisciculteurs ou pêcheurs de par sa mobilité et ses diverses capacités. Si cela vous intéresse, vous pouvez le découvrir dans la page « Evènement ».

La période d'alevinage arrive. Les grossisseurs commencent à acheter les alevins. Beaucoup d'entre vous ont manifesté le besoin de savoir combien il faut mettre comme nombre d'alevin et de poisson dans la parcelle pour arriver à une production satisfaisante. Afin de les aider à choisir le bon nombre, nous avons le plaisir de reparaitre dans « Partage », l'article lié sur la densité d'empoissonnement.

Le CSA est une nouvelle structure. L'organisateur dans sa mise en place prépare les élections des représentants par comité dans le District de Betafo et dans la Région haute Matsiatra. Les rubriques « Profession Paysan et Partenariat » en parlent.

Pour ceux qui veulent contribuer au journal par l'intermédiaire d'un article soit par photo ou croquis, un guide d'élaboration existe. Notre adresse se trouve en bas de la première page du journal.

Bonne lecture!

Trondro firy no afaka ompiana amin'ny toerana manao ahoana na ny "hakitroka"?

Ny literatiora dia mametraka fa zana-trondro 20 isaky ny ara sy 50 isaky ny ara no mety raha manamasaka ny toeram-piompiana ny mpiompy. Maro ny tantsaha no mampihatra io fenitra io nefa tsy afa-po amin'ny valin-kasasarana. Misy ny kivy ka lasa mamela tanteraka ny fiompiana trondro.

Samy manana ny maha-samy hafa azy ...

Tsy misy hakitroka idealy na tonga lafatra. Fepetra maro no miditra an-tsehatra eo amin'ny fiompiana trondro. Ny toeram-piompiana na dobo izany na tanimbary, ny toetrany, ny fian'ny rano na tsia, ny fahasahan'ny toerana, ny fahafahana mamahana na tsia, ny toe-tany ary ny karazan-trondro ompiana. Ireo teboka maromaro ireo no mifanjoy hahatratrara ny tanjon'ny mpiompy iray. Raisintsika ohatra ny tany manta, ny fanamasahana hoentina ho an'io tany io dia mety efa ho samy hafa araka ny fahafahana ara-bolan'ilay mpiompy sy ny zava-misy eo am-pelatanany (zezika, sns). Mazava fa rehefa tsy dia masaka ny tany dia tsy mitombo loatra ny trondro. Tsy afaka mahazo trondro vaventy rahateo koa rehefa maro an-toerana noho ny tokony ho izy ny trondro ompiana. Tsy ampy mizara mantsy ny sakafao ao an-toerana (manazava ny kisary etsy ambany).

...ka manao ahoana ny hakitroka mety
amiko? ...Tsotra ihany!

Azo antoka fa manome trondro vaventy ny toerana masaka kokoa raha hay ny mampifanaraka ny isan'ny zana-trondro/trondro amin'ny velaran-tany ananana. Izy mpiompy trondro ihany no mahafantatra ny mety aminy miainga amin'ireo traikefa ananany sy ny fandinihany ny fiompiany. Manandranana in-droa na in-telo amin'ny isa samy hafa no manome ny hakitroka sahaza ny taniny, ny fanamasahana ananany ary ny tanjona apetrany.

Quelle densité d'empoissonnement choisir ?

La littérature préconise une fourchette de 20 alevins à l'are à 50 alevins à l'are si on apporte de la fertilisation dans le milieu d'élevage ou si on alimente les alevins. Plusieurs paysans appliquent cette norme et ne sont pas satisfaits du résultat. Il se retournent alors contre la norme ou ils abandonnent l'activité.

Chacun a sa particularité

Il n'y a pas de densité idéale. Plusieurs paramètres entrent en jeu dans l'élevage de poisson. Le milieu (rizière ou étang), la nature et la disponibilité de l'eau, l'état de la fertilité du milieu, la capacité de nourrir ou pas, la nature du sol et l'espèce à élever. Tous ces paramètres contribuent pour avoir l'objectif du pisciculteur.

Si on prend l'exemple d'un milieu pauvre, les types de fertilisation peuvent être variables selon la disponibilité des fertilisants et la capacité d'investir dans la fertilisation. Si le milieu n'est pas assez fertilisé, les poissons ne grossissent pas. Le fait de mettre plus de poissons que la normale tend à ne pas obtenir de gros poissons parce qu'il n'y a pas assez de nourriture pour toute la population de poissons élevée (voir croquis page 3).

Comment trouver sa propre densité d'empoissonnement : un exercice simple




Un milieu plus fertile donne des poissons avec plus de taille si on arrive à équilibrer la surface d'élevage avec le nombre d'alevins/poissons adéquats. Seul le pisciculteur, avec ses expériences et ses observations, arrive à identifier la densité qui lui soit normale. Essayer deux à trois reprises avec un nombre de poissons différent donne la norme qui se précise pour chaque cas selon ses objectifs de taille de poisson, selon sa capacité en intrants, selon son site.

A chacun de s'adapter pour trouver ce qui lui convient le mieux. C'est cette capacité d'adaptation qui permettra au

MIZARA

Anjaran'ny tsirairay no mampifanaraka ny zava-misy amin'izay tadiaviny. Antoka iray io ahazoana vokatra tsara na aiza ny toerana na amin'ny fotoana toy inona.

pisciculteur d'obtenir de bons résultats quelles que soient la situation et la saison.

<p>22 poissons de 20 g</p> 	<p>Lanjan-trondro tiana vokarina Biomasse récoltée: 900g</p> <p>Poids moyen: 50 g</p> <p>Salan-danjan'ny trondro azo</p>
<p>11 poissons de 20 g</p> 	<p>Lanjan-trondro tiana vokarina Biomasse récoltée: 900g</p> <p>Poids moyen: 100 g</p> <p>Salan-danjan'ny trondro azo</p>
<p>7 poissons de 20g</p> 	<p>Lanjan-trondro tiana vokarina Biomasse récoltée: 900g</p> <p>Poids moyen: 150 g</p> <p>Salan-danjan'ny trondro azo</p>

« Mbola malalaka ny tsena ... »

Monina ao Faratsiho ary mpiompy trondro nanomboka tamin'ny taona 1998 i Andriamatoa RAKOTONJANAHARY A. Lala rehefa vita ny fianarana teny amin'ny ambaratonga ambony. Mpiompy trondro ao Faratsiho izy ary hizara amintsika ny traikefam-piompiany.

« Nisafidy ny fiompiana trondro ny tena satria mbola malalaka ny tsena na aty an-toerana izany na any an-drenivohitra, ny aretina koa tsy mbola misy sady tsy ahitana fahasahiranana firy ny fiompiana trondro. Mbola hita ety an-toerana daholo amin'ny vidiny tsy dia lafo loatra ireo fitaovana fikojakojana ny fiompiana raha ny fikarakarana no asian-teny toy ny zana-trondro, ny bararata ary ny sakafo izay miainga amin'ny zava-misy satria ampifandrindrako ny fiompiana ara-tekinika sy ny nentim-paharazana mba hanaraka ny volon-tany sy hitera-bokatsoa kokoa.

Marihako etoana fa ny fiompiana trondro ataoko dia « fanatavezana zana-trondro » an-tanimbary sy an-dobo. Amin'ny alalan'ny famerana ny isan'ny zana-trondro atao isan-dobo sy isan-tanimbary mba hahafahan'ny zana-trondro miaina tsara sy mivezivezy mikaroka sakafo.

Ny fandonahana ny dobo sy ny tanimbary amin'ny alalan'ny zezi-pahatra sy ny zezik'akoho hita eny an-toerana no hatao foto-tsakafo mba hahazoan'ny zana-trondro mihinana ireo "lomotra voajanahary atao hoe : microplancton izay sakafo voajanahary, ny vary koa etsy andaniny mitsetsitra ny tsiro entin'ny zezika. Ny sakafo ambarina na provandy amiko dia fanampiny kely fotsiny mba hahafahana mifehy ny fivoaham-bola tsy ho be loatra.

Na izany aza anefa dia ilaina ihany ny fifanakalozana traik'efa eo amin'ny samy mpiompy, ny tekinisianina ary indrindra amin'ireo manam-pahaizana manokana mikasika ny trondro toa ny APDRA mba hifanakalo hevitra hanatsarana ny fiompiana amin'ny ho avy. Koa mamporisika antsika mpiompy trondro mba handroso hatrany amin'ity sehatra ity satria raha ny amiko manokana ohatra dia mahavita famokarana indroa isan-taona aho, tsapako fa tafiditra ao amin'ireo fiompiana haingam-piódina ny trondro. Manampy izany, sehatra azo antoka tsara izy na eo amin'ny tsena na eo amin'ny fifaninanana.

«Le marché est encore vaste...!»

Monsieur RAKOTONJANAHARY A. Lala résidant à Faratsiho a commencé la pisciculture en 1998 quand il a fini son étude supérieure. Il nous distribue son expérience dans cet article.

« J'ai choisi la pisciculture parce que le débouché reste ample en ville et en brousse, en plus aucune maladie n'a touché à cet élevage.

Les matériels nécessaires tels que les alevins, les bambous et les alimentations sont à bon prix existent sur le lieu. J'associe la technique traditionnelle avec la technique améliorée qui sont adaptées à mon exploitation et pour que je puisse avoir un résultat positif.

Je fais le grossissement en étang et en rizière. Je limite le nombre introduit pour le bien des poissons et pour faciliter l'obtention de l'alimentation naturelle.

La fertilisation à partir du fumier de ferme et de la fiente est la base de la nourriture des microplanctons pour les poissons et les éléments nutritifs pour le riz. Je ne donne qu'une moindre quantité des alimentations transformée ou le provende car je limite le budget sorti.

Ensuite, l'échange entre les pisciculteurs, les techniciens et les spécialistes comme l'APDRA Madagascar sur l'élevage est très important pour améliorer la pratique de l'élevage.

Enfin, j'anime tous les paysans de faire cette activité car si je la compare avec d'autre activité agricole, je puisse faire deux fois dans l'année et en plus c'est une filière rentable. »

Monsieur RAKOTONJANAHARY
Andriamanantena Lala
Pisciculteur de Faratsiho
Tel: 033 07 371 51

Fanajariana ny tany: Tsetsatsetsa tsy aritra

Manomboka mamarotra zana-trondro ny mpamokatra azy ankehitriny. Iaina fiomanana ny mikasika ny fanataovizana. Horesahana eto àry ny tsara ho fantatra momba izany.

Singa tsy afa-misaraka amin'ny trondro ny rano. Izy io mantsy no manome oksizena ilain'ny trondro iainany kanefa koa mitondra ny sakafo ara-boa-janahary ho azy. Arakaraky ny maha-avo ny rano no maha -tsara onina azy ao anatiny ao satria toerana iriariavan'ny bibikely sakafon'ny trondro.

Raha ny hafanan'ny rano no resahina dia ny alalin'ny rano koa no mitana azy mba tsy hiovaova be loatra. Azontsika oharina amin'ny hoe ranokely ao anaty vilany dia vetivety mangotraka noho ny rano betsaka.

Rehefa handrotsaka ny zana-trondro sy noho izay filàny rano izay dia sarotra ny manondrotra sahadry ny haavon'ny rano ao an-tanimbary vantany vao vita ny fanetsana. Azo atao anefa ny mandavaka lalan-drano lalina kokoa noho ny toerana misy ny foto-bary, eny atsisiny na ao afovoan'ny tanimbary. Afaka miaina ao izy mandra-pahafahana manondrotra ny rano manerana ny tanimbary.

Rehefa miha-mitombo ny vary dia ilaina ny mampifanaraka ny haavon'ny rano amin'ny fitombon'ny vary. Mety tsara ihany koa ny hampitomboana ny haavon'ny tahala mialoha izany na manatevina azy mihitsy mba ialana amin'ny mety ho fahavakisany.

Fomba fandraisana anjara amin'ny gazety

Misalasala ve ianareo ny hanoratra amin'ny teny frantsay na amin'ny teny malagasy? Ireto àry misy torolalana vitsivitsy hahafahanareo mandray anjara ato anaty gazety. Vonona izahay ny hanampy anareo ary mitady

hatrany koa ny haneho mazava izay tianareo ambara.

Raha toe-javatra no tiana hotantaraina dia famaliana ireto fantontaniana ireto no handrafeto azy, mba hahafeno sy hanamari-na tsara izay voalazanao/nareo.

Iza no nitarika ny tetik'asa? Inona no lafy tsarany? Ny traikefa nananany? Iza no tetik'asa niarahana nanatanteraka ny asa (mpiara-miombon'asa, tantsaha hafa)? Vondron'olona ve sa fikambanana?

Oviana ny fotoana nanombohana? Inona na manao ahoana ny zava-nisy teny am-piandohana? Inona ny olana?

Aiza tsara no mitranga ny toe-javatra? Faritra aiza?

Ahoana ny fomba nanatanterahana ilay toe-javatra? Tao anatin'ny sehatra manao ahoana? Ny fomba namahana ny olana? Ny fomba nahitana vahaolana? Ahoana ny fomba fahitanareo azy?

Nahoana no nisy ilay toe-javatra? Raha nisy ny safidy noraisina, nahoana? Raha nahomby, nahoana? Raha tsia, nahoana? Inona no tena tanjona? Tratra ve ny tanjona? Inona no eritreritrareo ny amin'ny ho avy?

TOLOTRA "ZANA-TRONDRO KARPA" AO AMIN'NY FANANTENANA II—MAHAZINA

Ho antsika liana amin'ny zana-trondro karpa, ny **Fikambanana tantsaha Fanantenana II ao Mahazina FKT Vakinifasina, Kaominina Ambanivohitra Betafo** dia mivarotra zana-karpa azo antoka amin'ny vidiny mirary manomboka ny volana novambra 2008 izao. Sady mivarotra eny an-tanàna no afaka manatitra eny amin'ny toerana misy ny mpanjifa ny mpikambana. Antsoy ny 020 44 989 94.

L'aménagement des parcelles pour le grossissement

Les ventes d'alevins ont débuté. Il est temps de se préparer pour le grossissement. Voici quelques conseils pour améliorer le confort du poisson dans les parcelles.

L'eau est l'élément essentiel de la vie du poisson. Cette eau lui procure de l'oxygène nécessaire à sa respiration mais lui fournit également des aliments naturels. Plus la hauteur d'eau est importante, plus la parcelle sera confortable pour le poisson : plus il y aura d'eau, plus la nourriture naturelle pourra se développer. Plus il y aura d'eau plus la température de l'eau sera constante, et moins les variations de températures seront rapides (une petite quantité d'eau placée dans une marmite met moins de temps à bouillir qu'une grosse quantité !)

Lorsque le riz a tout juste été repiqué, il est difficile d'augmenter le niveau de l'eau. Il est possible de construire un canal plus profond que le fond de la rizière, sur le bord ou au centre de la parcelle.

Ajustez le niveau de l'eau lorsque le riz pousse. Mais avant cela, il est nécessaire d'augmenter la hauteur des diguettes, et surtout de les élargir pour éviter qu'elles ne cassent.

Comment contribuer au journal?

Vous craignez de ne pas bien savoir rédiger en français ou en malagasy? Voici quelques conseils pour vous aider à participer au journal. Nous sommes là pour vous aider et nous chercherons à traduire au mieux ce que vous voulez exprimer. Lorsque vous voulez raconter une histoire, pensez toujours à cette règle très simple que l'on apprend dans les écoles de journalisme afin que le récit soit le plus complet et le plus concret possible. C'est la règle des «5 W» (traduction anglaise de qui, quand, où, comment et pourquoi).

Qui conduit l'action? Quelle est sa qualité, son expérience? Avec qui l'action est-elle menée (partenaires, autres paysans, etc.)? Quelle communauté ou organisation ?

Quand a-t-elle démarré? Quel était le problème ou la situation de départ?

Où se passe l'action, dans quelle région?

Comment avez-vous réalisé l'action? Dans quel cadre? Ou résolu le problème? Ou trouvé des solutions?

Comment l'expliquez-vous?

Pourquoi cette situation? Pourquoi avez-vous fait tel choix?

Pourquoi telle réussite ou tel échec? Quels étaient vos objectifs?

Les avez-vous atteints? Quelles sont vos perspectives pour l'avenir?

Enfin, n'oubliez pas de livrer votre analyse sur la manière dont vous avez réussi ou non l'expérience que vous décrivez.

VENTES DES ALEVINS DE CARPES FANANTENANA II- MAHAZINA

L'association **Fanantenana II de Mahazina Fokontany Vakinifasina, Commune Rurale de Betafo** informe les personnes concernées par l'élevage de carpe qu'elle produit et réalisera des ventes d'alevins à partir du mois de Novembre 2008. Nous pouvons livrer les alevins chez les clients qui en font la demande. Contactez-ous au 44 989 94. Merci de nous faire confiance!

Mihetsiketsika ny KCSA

Rafitra vaovao ny CSA ary eo andalam-pametrahana azy eto amintsika ny fanjakana amin'izao fotoana izao. Misy ny dingana efa vita ho an'I Matsiatra Ambony fa mbola maro ny ezaka miandry. Mampita vaovao mikasika ireo asam-baomiera ny tantsaha iray.

Ny CSA dia alavaina amin'ny hoe: “**Centre de Service Agricole**” adika tsotra amin'ny teny gasy hoe IFAP na “**Ivotoerana Fandraharahana ny Asa Famokarana**”.

Ny KCSA dia komity niainga tamin'ny OPR 4 dia ny CRAM, VFTM, FKH Ambatovaky sy Ialamarina, miara-miasa sy mi-farimbona amin'ny PSA Tafita. Tetik'asa fanjariana ara-tsakafa miasa eo amin'ny faritra telo Matsiatra ambony, Vatovavy fitovinany ary Menabe.

Ny antom-pisian'ny KCSA dia mandrindra indrindra ny fanentanana sy fampahalalana ny CSA ka andraisan'ny tantsaha na ny Trano Ben' ny Tantsaha ity rafitra iray lehibe mitodika any amin'ny tontolo ny tantsaha ity.

Tafa-paka any ifotony àry ny vokatry ny asan'ny KCSA tamin'ny fanentanana ka manomboka miaina izany ny tantsaha eto amin'ny Distrika telo dia Isandra, Vohibato ary Lalangina. Tafapetraka ary ireo solotenan'ny tantsaha na FKB tantsaha ato amin'ny kaominina 38.

Ny tanjona manoloana ny zava-misy

Antenaina fa hamaly ny tena filan'ny tantsaha ny rafitra CSA (IFAP) araka ny asa 5 lehibe nofaritany eo amin'ny anjara asany izay mamaritra tanjona manokana iray lehibe : ny fanomezan-danja ireo hevitra ny tantsaha ho an'ny fanatsarana ny fiainany manontolo satria rafitra miteraka fanomezana hasina ny fampandrosoana sy ny fampivoarana miainga any ifotony.

Amin'izao fotoana izao dia ny fametrahana ny CSA isaky ny Distrika no anisan'ny vaovao. Ka anisan'ny loha-hevitra lehibe ny lalana iray nofaritan'ny fanjakana Malagasy ho entina mampandroso ny tontolo ambanivohitra.

Misy moa ny vokatra azo avy amin'ny fanentanana nataon' ny KCSA ka ho taterina miandalana amintsika eo ihany ny vaovao.

*François Xavier RAZAFIMAHATRATRA
Fianarantsoa- VFTM*

Fitsirihana ny tsean'ny trondro: Miandrivazo-Antananarivo

Tamin'ny volana jolay 2008 no naharaisan'ny APDRA-F ny fangatahana hanaovana fanadihadiana ny lalam-pihariana « trondro an-dranomamy » avy amin'ny FIFIMPAVA, koperativa ivondronan'ny mpanarato ao amin'ny ranovorin' Andranobe Andrefana, Andranobe Antsinana, Andraikibakely ary Tatamarina izay vatsin'ny Saha eto Vakinkaratra. Tato aoriana kely, izany hoe ny volana aogositra 2008 dia tonga ihany koa ny fangatahan'ny fitambaran'ny VOI (Vondron'Olona Ifotony) antsoina hoe SOAMITAMBATRA ao amin'ny Kaominina Ambanivohitr'Ambatolahy, Distrika Miandrivazo, Faritra Menabe ary nampian'ny rantsana SAHA Miandrivazo.

Nitovy ny filan'ny SOAMITAMBATRA sy FIFIMPAVA : ny fahafantarana ny zava-misy momba ny zotram-pihariana trondro ao amin'ireo toerana hivarotana azy. Noho izany, natao miaraka ny fanadihadiana hoan'ny SOAMITAMBATRA sy FIFIMPAVA.

Mizara roa mazava tsara ny tanjon'ny fanadihadiana :

- Ny fanadihadiana ny tseana ny trondro eto Vakinkaratra-
Novambra 2008

Le KCSA bouge

En tant que structure nouvelle, l'État est en train de les mettre en place. Des étapes d'installation sont passées pour le cas de la Haute Matsiatra mais beaucoup reste à faire. Un paysan de Fianarantsoa nous informe sur l'état d'avancement par rapport aux actions du groupe KCSA .

Le CSA “**Centre de Service Agricole**” ou IFAP “Ivotoerana Fandraharahana ny Asa- pamokarana” travaille avec le KCSA.

Le KCSA est un ensemble de comité composé par les quatre organisations paysannes partenaires CRAM, VFTM, FKH Ambatovaky et Ialamarina partenaire du PSA Tafita dans la Région de la Haute Matsiatra, Vatovavy fitovinany et Menabe sur la sécurité alimentaire.

Le KCSA s'assume la responsabilité de lancer le CSA et de coordonner l'animation pour que les paysans et la chambre d'agriculture puissent prendre en main cette structure qui oriente vers le monde agricole.

Le message du KCSA arrive jusqu'à la base. Elle entraîne la mobilité des paysans dans les Districts de Lalangina, Vohibato et Isandra. Les actions de sensibilisation est suivie par l'élection des paysans qui vont représenter les 38 communes rurales.

Les objectifs face à la réalité

On espère que la structure du CSA moule bien avec les besoins des paysans selon les 5 grandes lignes d'activité découlant de l'objectif : Mise en valeur des idées des paysans de base afin d'améliorer leur vie.

Actuellement, la mise en place de la délégation du CSA dans chaque District figure parmi les grands travaux dont les nouvelles seront rapportés dans ce journal.

*François Xavier RAZAFIMAHATRATRA
Fianarantsoa- VFTM*

Etude de marché « FILIERE POISSON »:

Axe Miandrivazo-Antananarivo

En juillet 2008, FIFIMPAVA, une coopérative qui regroupe quatre associations riveraines de pêcheurs des lacs Andranobe Ouest, Andranobe Est, Andraikibakely et Tatamarina, a fait appel à l'APDRA-F, par l'intermédiaire de SAHA Vakinkaratra, pour réaliser une étude de marché sur la consommation du poisson d'eau douce.

En août 2008, une seconde demande est venue compléter celle de FIFIMPAVA : elle émane d'une Union de VOI (Vondron'Olona Ifotony) appelée SOAMITAMBATRA de la Commune rurale d'Ambatolahy, District de Miandrivazo, Région de Menabe et appuyée par le projet SAHA Antenne Miandrivazo.

SOAMITAMBATRA et FIFIMPAVA ont les mêmes demandes : connaître et établir l'état des lieux de la filière poisson d'eau douce dans leurs zones de commercialisation. L'étude a donc été effectuée en simultanément pour les deux associations.

La méthodologie était axée sur des enquêtes auprès des principaux acteurs de la filière : les pêcheurs, les collecteurs, les commerçants et les consommateurs dans 5 zones bien déterminées : Miandrivazo, l'axe Miandrivazo/Antsirabe, Antsirabe, l'axe Antsirabe/Antananarivo et le marché d'Antananarivo. A chaque descente sur le terrain, l'équipe était composée de membres de l'APDRA-F et de pêcheurs de FIFIMPAVA ou de SOAMITAMBATRA.

En plus des résultats obtenus lors les enquêtes, des données ont été recueillies auprès des Institutions agissant de près ou de loin

Mizara roa mazava tsara ny tanjon'ny fanadihadiana :
 - Ny fanadihadiana ny tseña ny trondro eto Vakinankaratra sy Antananarivo
 - Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo fikambanan'ny mpanjono anankiroa ireo (Fampiofanana azy ireo ny paik'ady ilaina ao anat-in'ny zotram-pihariana trondro, ny fampiharana izany paik'ady izany eny ifotony, famoronana lamin'asa sy tetik'ady hiatrehana ny tseñan'ny trondro...)

Mifamatotra amin'ny fanadihadiana an'ireo mpisehatra trondro ny paik'adin'ny asa ho atao : ny mpanjono, ny mpanangona trondro, ny mpivarotra sy ny mpanjifa ao anatin'ny faritra 5 mazava tsara : Miandrivazo, Miandrivazo-Antsirabe, Antsirabe, Antsirabe-Antanarivo ary ny tseñan'Antananarivo. Isaky ny fidinana eny ifotony dia ahitana ny solotenan'ny APDRA, sy ny solon-tenan'ny mpanjonon'ny FIFIMPAVA na SOAMITAMBATRA no ekipa miaraka manatanteraka ny asa.

Ankoatra ny vokatra azo tamin'ny fanadihadiana, nisy koa ny antontan'isa azo teny amin'ny sehatra maro isan-karazany mikirakira ny zotram-pihariana trondro (Ny Sampandraharam-paritry ny jono sy ny harena anaty rano, MAEP, ny Tranoben' ny fifanakalozana ara-barotra...). Nivoaka tamin'ny asa natao ny fahazoana namina ny habetsahan'ny trondro vokatra isaky ny farihy notanisaina tetsy ambonny. Nahalala ny karazan'ny mpisehatra sy ny andraikiny ao anatin'ny zotram-pihariana, sy ny fiovaovam-bidin'ny trondro eny an-tseña isan-taona ary ny salan-danja eo amin'ny fihinanana trondro an-dranomamy eny anivon'ny fianakaviana.

Natao ny 19 Novambra 2008 lasa teo ny tamberin-teny momba ny fanadihadiana. Hisy ihany koa ny tamberin-teny faharoa izay atao any Miandrivazo ny fiandohan'ny volana Desambra 2008. Nisosa tsara ny fanatanterahana ny fanadihadiana ary ny vokatra azo dia nahaliana. Zavatra iray lehibe ihany sisa no ataon'ny FIFIMPAVA sy SOAMITAMBATRA: dia mampifanaraka ny antom-pisiany amin'ny zava-misy eo amin'ny tseñan'ny trondro an-dranomamy.

Fifaninanana mpiompy trondro mendrika indrindra: Teny Fisaorana

Nofaranana tamin'ny 05 septambra 2008 tamin'ny alalan'ny fety iraisana ny fifaninanana ho an'ny mpiompy trondro tia karo-karoka taona 2008, ho an'ireo tantsaha mpiara-miombon'antoka amin'ny APDRA-Madagascar ao avaratr'i Betafo. Maro ny tohana nomen'ireo mpandraharaha ara-panjakana sy tsy miankina tamin'ny fanatanterahana ny lanonana.

Vita soa aman-tsara ny fifaninanana, fikarohana fiompiana trondro izay nakatona tamin'ny fetim-pihaonan'ireo mpisehatra trondro nahitana ny Sefo Distrikan'i Betafo, ny mpanolotsaim-paritra, ny Solom-bavam-bahoaka, ny Tomponandraikitra isan'ambaratongany ao amin'ny DRDR sy ny sampandraharahan'ny jono, ny Tranoben'ny tantsaha, ny CSA, ny Faritra Auvergne, ny CEEFEL/FERT, ny kaomina ambanivohitra Betafo ary ireo Sefo-pokontany mpiaramiasa sy ny tantsaha mpiara-miombon'antoka.

L'étude comportait deux objectifs :

- L'étude de marché de la filière poisson d'eau douce dans le Vakinankaratra et à Antananarivo
- Le renforcement de capacités des deux organisations de pêcheurs (apprentissage de la méthodologie pour réaliser une étude filière, mise en pratique des ces méthodes sur le terrain, élaboration d'un plan d'action et d'une stratégie commerciale...)

La méthodologie était axée sur des enquêtes auprès des principaux acteurs de la filière : les pêcheurs, les collecteurs, les commerçants et les consommateurs dans 5 zones bien déterminées : Miandrivazo, l'axe Miandrivazo/Antsirabe, Antsirabe, l'axe Antsirabe/Antanarivo et le marché d'Antananarivo. A chaque descente sur le terrain, l'équipe était composée de membres de l'APDRA-F et de pêcheurs de FIFIMPAVA ou de SOAMITAMBATRA.

En plus des résultats obtenus lors des enquêtes, des données ont été recueillies auprès des Institutions agissant de près ou de loin sur la filière poisson (Service Régional de la Pêche et des Ressources Halieutiques, MAEP, Chambre de Commerce et de l'Industrie...). Parmi les principaux résultats, il a été possible d'estimer les quantités produites par les lacs cités, de recenser les différents acteurs et leurs rôles dans la filière, d'établir un schéma de variation des prix sur le marché au cours de l'année et de déterminer la consommation en poisson d'eau douce par ménage.

Une première restitution s'est tenue à Antsirabe le 19 Novembre 2008, une deuxième aura lieu à Miandrivazo en janvier.

L'étude s'est bien déroulée et les résultats obtenus se sont révélés très intéressants pour les bénéficiaires. FIFIMPAVA et SOAMITAMBATRA doivent à présent s'approprier ces résultats afin de s'adapter aux réalités du marché du poisson d'eau douce.



Vendeuse de tilapia—Ankazomiriotra, sept. 08

Concours des meilleurs rizipisciculteurs : Un mot de remerciement

Le concours du meilleur rizipisciculteur 2008, initié par l'APDRA-F a été clôturé par une fête, à laquelle ont assisté les organismes d'appui publiques et privés, le vendredi 05 septembre 2008 à Antsampanimahazo, Fokontany Ambohiambo, commune rurale de Betafo. Cette journée a été l'occasion de rencontres et de discussion entre les paysans et les différentes institutions présentes.

La fête a été ouverte par Monsieur le Chef District de Betafo suivi des représentants du Conseil Régional de Betafo, de la représentante du DRDR, également Chef du SRPRH d'Antsirabe, la Mairie de Betafo, les différents Chefs de Fokontany, le représentant de la Chambre d'Agriculture, le CSA, le représentant de la Région Auvergne, le représentant du CEEFEL/FERT, ainsi que le représentant des pisciculteurs partenaires de l'APDRA-F.

Fisaorana lehibe no atolotray tantsaha sy ny APDRA Madagascar antsika tsirairay tonga nanafana ny lanonana.

Isaorana lehibe koa ireo mpanohana nitondra ny anjara birikiny dia ny Proviseur LYCEE Betafo, ny Tomponandraikitra ao amin'ny MALTO Betafo ary indrindra ny BEN'NY TANAN'I Betafo sy ny ekipa-ny rehetra tsy nitarai-tana-miepaka tamin'ny fandavorariana izany ka nahavitana an-tsakany sy andavany ny lanonana niaraha-nanana. Ho eni-noro ho enin-kavelomana anie isika tsirairay avy.



Les officiels présents à la cérémonie de clôture de la fête des poissons 2008



Mme RAHARIVELO Marcelle- Chef de Service de la Pêche et des ressources halieutiques de Vakinankaratra à son discours d'encouragement des rizipisciculteurs



Place à l'afindrafindrao

« Resy lahatra aho... »

Fifaliana lehibe ho ahy ny manolotra ny fiarahabana feno ho anareo tomponandraikitra rehetra ato amin'ny APDRA-Madagasikara. Izany no atao dia noho ny nahafahako nandray anjara sahadry amin'izao serasera an-gazety « Feon'ny Mpiompy trondro » izao. Mino sy matoky aho fa ho matotra hatrany ny fiaraha-miasa ka ahafahantsika mampiroborobo sy mampitombo ny vokatry sy ny famokarana trondro iarahana amin'ny tantsaha.

Mpiompy trondro nandritra ny taona maro niaraka tamin'ny sampan-draharahan'ny fambolena sy ny jono ny tenako ka mahatsapa tsara fa « ny trondro dia sakafy tsara ary fidiram-bola haingana ». Resy lahatra aho hatramin'izao ka manohy izany asa fiompiana izany hatrany.

Fa ny fanentana fanaoko amin'ny mpividy zana-trondro aniko dia ny hoe « Miompia trondro amin'ny tanimbary ianao, fa ho voaara-maso ny rano amin'ny varinao, ka hitombo hatrany ny voka-barinao, ary dia ho afaka amin'ny fahantrana ianao. »

Izay ihany angamba aloha no azo ambara hatreto fa dia mino sy manantena ny hitohizan'ny fiaraha-miasa hatrany aho.

Rakotoarijaona Jean Félix Faratsiho

Fampanatodizana mandehandeha

Nanomboka ny volana oktobra lasa teo dia nampiasa fampanatodizana azo afindrafindra ny APDRA - F eto Madagasikara mba ahafahana mamokatra olitra trondro betsaka. I Andriamatoa Bertrand Pajon sy Claire Szabo, mpiompy trondro frantsay, sady mpitam-bola no mpikambana mavitrika ao amin'ny APDRA- F no namorona io fitaovana fampanatodizana io. Mifototra amin'ny firafitra lehibe ny fampiodinana ny fitaovana, io fampanatodizana io no miantoka ny tahan'ny oksizena be ao anaty rano sy ny tahapaveloman'ny atody ho ambony.

Ny mampiavaka azy amin'ny fampanatodizana an-tanimbary na an-dobo dia azo entina mifindrafindra toerana ity fampanatodizana ity, azo atao tsara koa ny manaraka akaiky ny hafanana ao anaty fitaovana. Manampy izay dia anisan'ny tombotsoa koa ny fampiasana angovo mahaleo-tena satria herin'aratra

Cette journée a été l'occasion de rencontres et de discussion entre les paysans et les différentes institutions présentes. L'APDRA-F et les paysans participants au concours adressent un grand remerciement à tous les invités ayant participé à la manifestation.

Nous remercions également les services ayant apporté une aide logistique : Le Proviseur du Lycée de Betafo, Le Responsable de MALTO Betafo, Le Maire de Betafo et son équipe.

Mme RAHARIVELO Marcelle- Chef de Service de la Pêche et des ressources halieutiques de Vakinankaratra à son discours d'encouragement des rizipisciculteurs

Place à l'afindrafindrao

« J'en suis convaincu... »

C'est avec un grand plaisir d'adresser le bonjour à tous les responsables de APDRA-Madagasikara. Ceci, grâce à ma participation dans cet outil de communication qui est le journal de la Voix des (rizi)pisciculteurs. Je pense et j'espère que la collaboration reste toujours sérieuse pour que nous puissions développer et augmenter la production piscicole au niveau des paysans.


J'exerce la pisciculture depuis plusieurs années avec le service des pêches. Cela m'a permis de me rendre compte que « le poisson est un aliment bénéfique et sa vente procure un revenu rapide. » J'en suis convaincu et c'est pour cela que je continue.

Quand je suis en contact avec mes clients acheteurs d'alevins, je les encourage à faire de la rizipisciculture pour qu'après la rizière devienne plus entretenue, que la production en riz augmente et qu'ainsi, ils puissent se libérer de la pauvreté. C'est tout ce j'ai à dire pour l'instant. Pour terminer, je crois sur la continuation de notre collaboration.

Rakotoarijaona Jean Félix- Faratsiho

Écloserie mobile

L'antenne de l'APDRA-F à Madagascar dispose depuis le mois d'octobre d'une écloserie mobile permettant de produire, en grande quantité, des larves de poissons. Ce système a été mis au point par Bertrand Pajon et Claire Szabo, pisciculteurs français, respectivement trésorier et membre actif de l'APDRA-F. Basée sur le



principe de fonctionnement de plus grosses structures, cette écloserie permet d'assurer une oxygénation optimale de l'eau et de garantir une survie maximale des oeufs. Contrairement aux structures fixes, ce système peut être transporté partout.

avy amin'ny masoandro no ampiasaina. Maro ny tombotsoa azo avy aminy fa santionany fotsiny ireo.

Tsotra ny fototra : aorian'ny fitsaihan'ny atody sy ny fandrarahana ny rano mampisaraka ny atody, zaraina ao anaty tavoahangy roa ireo, misy fidirana sy fivoahan'ny rano. Asiana sivana eo amin'ny fivoahan'ny rano mba hialana amin'ny fahaverezan'ny atody. Miraraka ao anaty bidao indray ireo rano mivoaka ireo, ka ao no ahazahoany oksizena amin'ny alalan'ny fitaovana mampidi-drivotra atao hoe: "aérateur ". Raha vao mahazo oksizena indray ireo rano ireo dia mandeha mankany amin'ny barika lehibe hafa, izay hanintonana ny rano halefa any amin'ny tavoahangy misy ny atody.

Ahafahana mitsitsy ny rano io fitaovana fampivezivezena ny rano io, na dia ilaina aza ny fanoloana ny ampahan'ny rano isan'andro. Natao indroa io fampitsaihana vitan'ny olombelona io tamin'ity taona ity, tamin'ny andrana natao tao Antsirabe sy Toamasina ny volana Oktobra-Novambra teo. Io no ahafahan'ny ekipa ao amin'ny APDRA – F hamokatra karpa hampiasaina amin'ny fikarohana eny amin'ny tontolon'ny tantsaha.

Ny dian'ireo mpianatra avy amin'ny Anjery manontolo Mahajanga taty Antsirabe

Ny UFP, ao amin'ny Antokom-pampianarana Hairaha ny Anjery manontolo eto Mahajanga, ary tafiditra ao anatin'ny tetim-piofanany, dia nikarakara « dia mitaharo fiofanana » ho an'ireo mpianatra ao amin'ny taona faha-telo mba hahita ny tena zava-misy eto amin'ny firenena.

Ho an'ity taom-piarana 2007-2008 ity, ary noho ny fanomezan-tanana nataon'ny APDRA-F Antsirabe, ny sampana mianatra ny « Tontolo anaty rano » dia nahazo tombony tamin'ny fiofanana tany Antsirabe. Nisy ny fihaonana tamin'ireo mpiompy trondro teto Avaratr'i Betafo.

Tsara ny mampahafantatra fa io sampana io dia efa nahazo fiofanana momba ny fiompiana trondro teto Mahajanga.

Natao ny 22 Oktobra ny fihaonana voalohany teto Antsirabe. Niompana tamin'ny « fandinihana ny fahafaha-manao, ny endrika ara-ekonomika ary ny fomba fampitana ny tekhnika » ny tapany voalohany tamin'ny fifanankalozana. Ny tapany faharoa dia niompana tamin'ny tekhnika famokarana trondro nataon'ireo mpisehatra. Ny mpianatra nanatrika dia sadaikatra ihany nahita ireo fahaiza-manao ny tantsaha mpiompy trondro amin'ny fanarahana ireo antanan-tohatra amin'ny famokarana eny an-tanimbary toy ny :

Il présente également l'avantage d'être autonome en énergie, l'alimentation en électricité étant assurée par des panneaux solaires.

Le principe est simple : après la fécondation des oeufs et application d'un liquide de décollement, ceux-ci sont répartis dans deux bouteilles, possédant une entrée et une sortie d'eau. Une grille placée au niveau de la sortie d'eau permet d'éviter la perte des oeufs. Cette eau se jette ensuite dans un bidon, dans lequel elle est oxygénée à l'aide d'un aérateur. Une fois réoxygénée, l'eau passe ensuite dans une autre cuve, où elle est pompée et remise en circulation dans les bouteilles contenant les oeufs.

Le dispositif de recirculation permet d'économiser l'eau, bien qu'il soit toutefois nécessaire d'en renouveler une partie quotidiennement.

Couplés à des reproductions artificielles, des essais ont déjà été menés à Antsirabe et Tamatave. Cette écloserie devrait permettre à l'équipe de l'APDRA-F de produire des carpes, ensuite utilisées pour la réalisation d'expérimentations en milieu paysan.

Voyage d'étude des étudiants de l'Université de Mahajanga à Antsirabe

L'UFP, de la Faculté des Sciences de l'Université de MAHAJANGA, de part sa philosophie et son programme de formation, organise chaque année des voyages d'études pour ses étudiants de 3^{ème} année, afin de les confronter à la réalité du terrain.

Pour cette année 2007-2008, les étudiants de l'option aquaculture ont réalisé, le 22 octobre dernier, une visite au bureau de l'Antenne APDRA-F à Antsirabe, ainsi qu'une rencontre avec les rizipisciculteurs du Nord de Betafo.

Si la première partie de la rencontre a surtout porté sur les études de faisabilité, les aspects économiques et les possibilités de transfert de technologie, la deuxième partie a été axée sur les techniques de production en compagnie des rizipisciculteurs. A ce titre, les étudiants ont été impressionnés par le savoir faire des paysans qui ont su démontrer leur maîtrise des différentes étapes de la production de poissons en rizière :

- L'aménagement d'une zone de ponte et d'élevage larvaire dans une partie de la rizière, tenant compte de l'orientation gravitaire et de la circulation de l'eau.
- La protection de cette zone contre les éventuels prédateurs (Reptiles,...)

La technique de transfert des alevins vers la rizière qui servira ensuite de lieu de grossissement.

A tout instant, on a remarqué l'enthousiasme des acteurs à exposer leurs compétences devant des étudiants ayant essentiellement reçu une formation théorique, mais manquant de pratique.

A l'issue des échanges, les étudiants ont été convaincus qu'il était possible de gagner sa vie grâce à la pisciculture ou de dégager une valeur ajoutée en appliquant la rizi-

- Ny fanajariana ny toerana hampiterahana trondro sy ny toerana fanomezana hanina ho azy miaraka amin'ny fahaiza-mitantana ny rano ;

- Ny fiarovana ny toerana misy ny trondro hiadivana amin'ireo biby mety handropaka ny trondro ;

- Ny tekinka fitaterana an'ireo zana-trondro velona any an-tani-bary izay toerana hanatavezana azy.

Tsapa ny fahazotoan'ireo mpiompy nandritra ny fifanankalozana nanazava ny traikefany nanoloana ireo mpianatra zatra ambony lata-batra sy tsy ampy fikirakirana eny ampotony.

Resy lahatra ny mpianatra fa hay azo atao tsara ny mivelona amin'ny fiompiana trondro indrindra raha eny an-tanim-bary.

Raha ho an'ny Faritra Boeny, ny karaza-trondro « Oreochromis » no ampiasaina noho izy manana taham-pivelomana lehibe sy mifanentana amin'ny faritra iny, ny Karpa kosa no karaza-trondro be mpiompy aty amin'ny Faritra Vakinankaratra.

Tsara ny manarika fa ankoatra ny vola hanofana ny reni-trondro na lahi-trondro ho an'ny tsy manana dia tsy misy masonkarena ny fiompiana trondro an-tanim-bary. Ny tekinka koa efa voafehy tsara. Ny fiompiana trondro an-tanim-bary dia mifanentana tsara amin'ny tontolo sosialy, ekonomika ary ny tontolo iainana ao amin'ny Faritra Vakinankaratra.

Na dia izany aza anefa dia misy ihany ny olana toy ny:

- Ny fampanarahana trondro misy rohim-pihavanana

- Ny fametrahana zotra iray handefasana ny vokatry trondro, mba hialana ny mpanelanelana

- Ny fitadiavana tsena hafa handafosana ny trondro

Taorian'ny fifanankalozana, nahatsapa ny UFP fa hiezaka ny hampifanantona ny traikefa hita tany Antsirabe miaraka amin'ny fiofanana omena ny mpianatra any am-pianarana mba hahafahan'ny zotram-pihariana trondro mivelatra

Ny UFP dia nahazo fahalalana tsy ho voatanisa teny an-toerana ary mankahery koa ny APDRA-F hanohy ny ezaka efa nataony eo amin'ny tontolon'ny famokarana trondro. Ary indrindra mba hanaparitaka ny traikefa momba ny fiompiana any amin'ny toerana maha mety izany. Ankehitriny, ny UFP dia manolo-tena ny ho mpiombon'antoka miaraka amin'ny APDRA-F mba hampivelarana ny zotram-pihariana trondro.

pisciculture. Si pour la région Boeni, le genre *Oreochromis* est préconisé du fait de sa large capacité d'adaptation, ce sont les carpes qui sont les plus utilisées dans la région du Vakinankaratra.

Il faut noter qu'à part les frais d'emprunt des géniteurs, l'exploitation ne présente que peu de charges. La technique de production est bien maîtrisée et il est à noter que ce système d'exploitation s'est très bien adapté au contexte socio-économique de la zone.

Mais, malgré la maîtrise des avancées techniques, des difficultés subsistent : les problèmes de consanguinité des géniteurs, la régularisation et le développement du marché vers d'autres régions. La mise en place d'une filière d'écoulement du produit afin que les producteurs puissent acquérir le maximum de bénéfices sans passer par les éventuels collecteurs.

Sans pour autant apporter des réponses aux attentes de la population, l'UFP s'engage à apporter ses acquis techniques et à les combiner avec les informations pratiques acquises afin de donner plus d'élan à cette activité.

En conclusion, l'UFP a acquis des connaissances pratiques lors de ce voyage et encourage l'APDRA-F à continuer à s'investir d'avantage dans le domaine de la pisciculture et surtout de transférer ses acquis vers d'autres régions propices à la pisciculture. Dorénavant, l'UFP sera partie prenante des activités de l'APDRA-F et se dit prête à partager tout type d'information avec l'association.



CSA : Mampifanatonana ny tolotra sy ny tinady

Ny fanjakana solon'ny MAEP tena, miaraka amin'ny fanohanana ara-bolan'ny Vondrona Erôpeanina no mametraka ny CSA eny amin'ny Distrika rehetra manerana an'i Madagasikara mba hanamorana ny filàna ara-tolo-kevitra, ny vaovao misy, ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny fikarohana ho fampivoarana, ny fanaparihana ny karazana ary ny teknikina mahomby.

Ny volana oktobra lasa teo, no nampandrenesan'ny FERT, izay mikarakara ny fametrahana ny CSA eto Vakinankaratra, ny tetik'asa rehetra sy ny ONG miasa ao amin'ny Distrikan'i Betafo ny fananganana ny CSA.

Ny taharo mamorona ny Biraon'ny CSA dia ny mpandrin-dra mpanantanteraka iray, mpanamarim-bola iray ary olona 12 ao anatin'ny Komity Fivoy ahitana : tantsaha 5, solotenan'y tranobe ny tantsaha 1, solotenan'ny Bén'ny tanàna 1, solotenan'ny Distrika 1, solotenan'ny fampindra-mam-bola madinika 1, solotenan'ny tetik'asa/ONG 1, solotenan'ny CIRDR 1, solotenan'ny sampandraharaha ara-toe-karena 1.

Efa voafidy ny olona 1 hisolo tena ny ONG ho an'i Betafo. Vinavinaina hatao ny volana janoary 2009 ny fifidianana ireo solotena 5 avy amin'ny tantsaha. Hanapariaka ny fan-daharana amin'ny "Radio Zaraso" ny ekipan'ny FERT/CSA sady hametraka peta-drindrina any amin'ny kaomina ambanivohitra sy ny Fokontany tsirairay. Koa entanina isika rehetra hanaraka ireo fandaharana voalaza ireo.

Ny andraikitra fototra miandry ireo solotenan'ny tantsaha 5 voafidy ireo dia hiaro ny tontolon'asan' ny tantsaha izay hitodika be dia be amin'ny famokarana sy ny famarotana. Io indrindra no antony nametrahana ny daty hivorianana mba ahafahana mieritreritra sahady ireo olona afaka hiantsoroka io adidy masina sy mavesatra io sady hiaro ny tombotsoan'ny tantsaha ao anatin'ny Distrikan'i Betafo. Koa ao amin'ny tranom-pokonolona àry ny fotoana ny 26 janoary 2009 eo ampitan'ny biraon'ny kaomina ambanivohitra Betafo mba hahafahanareo mandrotsaka ny vato sy hialana amin'ny fanenenana.

TSY MITSAHA-MITOMBO HATRANY NY MPIOMPY TRONDRO ETO AMIN'NY FARITRA MATSIATRA AMBONY

Tamin'ny niasan'ny LDI (Landscape Developpement Interventions) 10 taona lasa farafahakeliny dia efa nisy ny mpiompy trondro an-dobo sy an-tanimbary taty aminay nefa vitsy an'isa, fa ankehitriny amin'izao fotoana izao iavian'ny Projet PSA sy APDRA Madagascar dia mitombo ny mpiompy.

Tena mahafinaritra ny famporisihana sy fanentanana, hany ka ahitana vokatra azo tsapain-tanana ny tantsaha aty amin'ny faritra ialamarina noho ny fiompiana trondro. Nahafinaritra ny fanaovana ny tombana sy ny fanentanana ka antenaina fa hitombo betsaka ny mpiompy trondro.

Mba hampihetsiketsika sy hampiroborobo ny seham-pamokarana dia nasiana vaomiera isan-tsikajiny izy ireo. Koa dia omena fisaorana ny solotenan'ny PSA Tafita tsy nitandro hasasarana amin'ny fampivoarana anay tantsaha.

R Mode FKH Ialamarina (Mpiompy trondro)

CSA : Faciliter le rapprochement entre les demandes et offres de service

L'État représenté par MAEP, avec l'appui financier de l'Union Européenne, est en cours de mise en place des CSA (Centre de Services Agricoles) au niveau de tous les Districts de Madagascar pour pallier aux besoins de conseils, d'informations, de renforcement des capacités, de recherche-développement, de diffusion de variétés et de techniques performantes.

En octobre dernier, les projets et ONG travaillant dans le District de Betafo ont été informés par FERT, qui s'occupe de l'installation des CSA sur Vakinankaratra, de la mise en place d'un CSA au sein du District.

Le bureau du CSA doit comporter un comité de pilotage, un coordinateur exécutif et un commissaire au compte. 12 personnes doivent composer le comité de pilotage : 5 paysans, 1 représentant de la maison des paysans, 1 représentant des maires, 1 représentant du District, 1 représentant des institutions de micro-finance, 1 représentant des ONG/projets, 1 représentant des CIRDR, 1 représentant des opérateurs économiques.

Le représentant des ONG est élu. L'élection des 5 représentants des paysans sera effectuée en janvier 2009. Mais avant cette réunion, l'équipe du FERT/CSA compte réaliser une diffusion des annonces de sensibilisation à la « Radio Zaraso » avec des affichages au niveau de chaque commune rurale et de chaque Fokontany. Nous vous encourageons à suivre ces programmes.

Les principaux rôles de ces 5 élus sont de défendre la profession paysanne, composée en grande partie de la production et de la commercialisation. Gardez cette date en tête et réfléchissez à la personne qui pourrait porter cette sacrée et lourde tâche de parler et de défendre les intérêts des paysans du District de Betafo. Rendez-vous alors le 26 janvier 2009 à la salle municipale, face au bureau de la Commune Rurale de Betafo pour donner votre voix afin d'éviter tout regret.

LE NOMBRE DES PISCICULTEURS NE CESSE D'AUGMENTER DANS LA REGION HAUTE MATSIATRA

La pisciculture en rizière et en étang a débuté à l'époque d'un projet de LDI (Landscape Developpement Interventions) dans la CR d'Alatsinaïny Ialamarina il y a une dizaine d'année. Auparavant, le nombre de pisciculteur était faible, mais grâce à l'arrivée du PSA Tafita et de l'APDRA Madagascar, nous observons une augmentation du nombre de pratiquants.

La sensibilisation et l'animation ont une grande importance. Nous, les pisciculteurs, avons des résultats concrets sur cette activité piscicole dans la zone d'Ialamarina. L'évaluation est intéressante et nous espérons que le nombre de personnes concernées aura augmenté à la prochaine campagne.

La mise en place de diverses commissions permet de promouvoir le développement de chaque filière.

Un grand remerciement aux représentants du PSA Tafita qui travaillent sans cesse pour les paysans.

R Mode FKH Ialamarina (Pisciculteur)

Raikitra ny fanamboarana ny tsena

Nanapa-kevitra hiara-hiasa ny APDRA sy ny Kaomina Betafo amin'ny fanatsarana ny toerana fivarotana zana-trondro ao amin'ny tsena ao an-toerana. Mpamokatra zana-trondro an-tanimbary maro no tonga ao isaky ny alatsinainy sy ny alakamisy. Mahatratra hatrany amin'ny 50 ny isan'ny mpivarotra tonga mifandimby mivarotra ao ary manaraka ny sisin'ny arabe manoloana ny Fiangonana. Sarotra ny fepetran'ny toeram-pivarotana satria tsy misy aloka sady lavitra ny toerana hakana rano hanoloana ny ao anaty sobika. Sahirana mitady rano ny mpivarotra ka voatery mivezivezy mitatitra rano amin'ny bidao 30 litatra ny mpivarotra, mety mahatratra im-polo miverina izany na mihoatra ao anatin'ny indray andro. Marihina anefa fa ny maripana sy ny oksizena no masontsivana roa lehibe ilaina hitahirizana ny zana-trondro sy hampihenana ny taha-pahafatesany. Tena zava-dehibe ho an'ny mpanjifa mpanatavy trondro tokoa izany ny fanajana ny fepetra fitahirizana mandritra ny famarotana satria mety hitarika fahafatesana ho an'ny zana-trondro rehefa tonga any aminy.

Tapaka fa hanao fanajariana andrana ny APDRA manomboka ny volana janoary 2009 rehefa nifampiresaka tamin'ny Kaomina ao Betafo sy ny sasantsasany amin'ireo mpiompy trondro an-tanimbary. Izany dia mba hahafahan'ny mpivarotra manatsara ny fepetra fitahirizana ny zana-trondro mandritra ny andro hamarotana azy. Hitondra alokaloka sy rano mitondra ny oksizena io fanajariana io. Samy afaka mitahiry ny sobikany eny amin'ny toerana ivarotany ny mpivarotra tsirairay sady manolo ny ranony matetika avy amin'ny tahirindranon'ny kaomina.

Andrana kely ity hatao ity hatramin'ny faran'ny taom-pamarotana 2009. Koa raha afa-po ny mpamokatra zana-trondro sy ny mpividy dia hanao fanajariana lehibebe kokoa ny kaomina amin'ny taona manaraka.

Fampandrosoana ny Fiompiana sy ny Fambolena : Tsy afa-miala ny Tantsaha sy ny Tekinisianina

Miarahaba antsika mpiompy trondro rehetra aho. Raisiko ho voninahitra lehibe ny manao ity lahatsoratra ity. Fampandrosoana ny any ambanivohitra sy fanentanana ny fikambanan'ny tantsaha no haroso. "Ny tantsaha maro an'isa ihany no kitro hifaharan'ny Fampandrosoana ny tanindrazana ary ny Fikambanan'ny tantsaha no tena vovonana hiadian'ny lohany."

Raha momba ny fampandrosoana aloha, dia vaingan-kevitra roa miteraka adivevitra no fandre eran'izao tontolo izao na firenena mandroso na tsia.

Ny andaniny milaza fa ny fitombon'ny mponina be loatra no mahakely ny sakafo sy mahatery ny tany hivelomana. Ny ala-olana dia ny fifehezana ny isan-jaza ateraka. Kanefa ny ankilany, ny fitombon'ny mponina koa anie ka mitarika ny zanak'olombelona hika-roka sy hitady fomba fiasa vaovao ary teknikam-pamokarana mahavelona.

MARCHE D'ALEVIN A BETAFO

L'APDRA et la Mairie de Betafo ont décidé de collaborer ensemble pour améliorer la vente des alevins sur le marché de Betafo. En effet, chaque lundi et chaque jeudi, de nombreux producteurs viennent vendre les alevins qu'ils ont obtenus grâce à la reproduction en rizière. Jusqu'à 50 vendeurs se succèdent au bord de la route. Cette vente s'effectue devant l'Eglise dans des conditions plutôt difficile puisqu'il n'existe pas d'ombrage et de




point d'eau à proximité. Pour renouveler l'eau des soubik, les producteurs sont obligés de faire des aller retour jusqu'à un point d'eau éloigné avec des bidons de 30l, jusqu'à 10 fois

Vendeur d'alevins sur le marché de Betafo

dans la journée.

Or, la température et l'oxygène sont les deux facteurs déterminants pour conserver les alevins dans de bonnes conditions et éviter la mortalité. C'est également important pour les clients grossisseurs, car un mauvais stockage le jour de la vente peut provoquer la mortalité des alevins les jours qui suivent.

En concertation avec la Mairie et les rizipisciculteurs de Betafo, l'APDRA va tester en janvier 2009 un aménagement simple qui



permettra aux vendeurs d'améliorer les conditions de stockage des alevins les jours de vente. Cet aménagement offrira de l'ombre et surtout une alimentation permanente en eau fraîche et bien oxygénée. Chaque producteur pourra conserver son soubik en renouvelant l'eau à partir d'une rampe connectée au réseau d'eau de la ville. Il s'agira d'un test en miniature, jusqu'à la fin de la saison d'alevinage en

mars 2009. Si les producteurs d'alevins et les clients sont satisfaits, la mairie pourra réaliser un aménagement plus grand pour la prochaine campagne.

Le développement Agricole : les paysans et des techniciens vont de paire

Bonjour à tous les éleveurs de poissons. C'est un grand honneur de participer dans cette édition. Quand on parle de développement rurale, il s'agit de dynamiser la société paysanne, qui, leur grand nombre restent la base du développement de Madagascar. Les actions des organisations paysannes sont les meilleurs moyens d'arriver à lutter pour leur cause ».

A titre de rappel sur l'histoire du développement, deux tendances idéologiques et contradictoires existent partout dans le monde, dans les pays riches, pauvres ou émergents.

D'une part, l'augmentation de la population est une menace car la production alimentaire et les surfaces d'exploitation deviendront bientôt insuffisantes. La solution serait donc tout simplement, de réduire le taux de natalité en le contrôlant par la politique du planning familial. D'autre part, l'augmentation de la population est un atout car elle incite l'humanité à rechercher des méthodes de production plus performantes et des organisations sociales plus efficaces.

Ady hevitra fanao ambony latabatra io ary mbola manahirana lava ny manam-pahaizana sy ny fitondram-panjakana rehetra.

Mifamahofaho mantsy ny hevitra, maro ny toro-lalana, be ny paik'ady mba hahitana ny lalana hialana amin'ny kizon'ny fahantana. Vola sa ny rafitra no tsy ampy? Sa ny fitantanana no tsy mety? Sa ny paika dia tavela antsasa-dalana eo?

Anjarantsika no mitady ny marina tandrify antsika mpiompy trondro izay mikendry ny soa.

Raha hatao jery todika ny tantaran'ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra dia izao no zava-misy: ny fandinihana nataon'ny tantsaha mpiompy sy mpamboly no nitarika ny tekisihanina lasa nanao fandalinana goavana niteraka ny fiovana lehibe teo amin'ny tontolon'ny famokarana: tantsaha Malagasy izao no namorona ny karazan'omby "Renitelo". Niara-niasa tamin'ny mpitsabo Malagasy momba ny biby izy. Malaza any amin'ny boky siantifika maro eran'izao tontolo izao izany ny karazan'omby "Renitelo" izany. Ilay karazam-bary taloha atao hoe **Ali como** dia mpamboly tsotra no nahavaka azy tany Ambatondrazaka tany ka taty aoriana vao fantatry ny fanjakana izy io. Ny SRI na ny voly vary maro anaka izay efa ampiharina ny amerikana, na ny sinoa dia mpianatra tantsaha tao amin'ny Mompera De Laulanié no nahatsikaritra ilay salohy "hafahafa" teny an-tany ketsa teny ny taona 1978!

Noho izany, asa hifanankohonana ny asa fampandrosoana ka tsy afa-misaraka ny tantsaha sy ny tekisihanina, tsy mifanary toy ny vary sy ny rano. Ny fametrahana ny fifampitokisana eo amin'ny roa tonta no mampiakatra sy manatsara ny vokatra.

Ny gazety ny Feon'ny mpiompy trondro dia sehatra iray hahafahantsika mifanakalo tetika, na hahalalana zava-baovao, na hahitana koa ny fotony momba ny fiompiana trondro mahomby kokoa. Mila mitondra vaovao isika avy amin'ny toerana iompitantsika any, ary ny hevitra ny maro mahataka-davitra. Tsy misy mahavita irery mantsy raha toa ka fandrosoana no kendrena. Misy ve ny tantsaha mahavita azy? Misy fanadihadiana ity: ny tantsaha sahirana ara-pivelomana dia manana fidiram-bola 30 000Ar isan-taona fotsiny. Ny tantsaha matanjaka sy manankatao dia mampidi-bola 600 000 Ar isan-taona. Heverina hoe be tany fotsiny ireo matanjaka ireo na mahay manodina vola na koa kingakinga ara-teknika?

Tsia, ny marina dia ireo tantsaha tafavondrona sy niray ombon'antoka tao amin'ny Fikambanana no misy ny "mpanana" sy ny manan-katao. Mikambàna isika.

Mankahery antsika mpiompy trondro aho sady mino koa fa ny manetsa be mbola ho avy. Misaotra Tompoko!

RABEKOTO Augustin Honoré (Mpandalina ny fiaraha-monina)

NY FAMBOLENA TSARAMASO SY NY FIOMPIANA TRONDRO

Ny fambolena tsaramaso

Dia fivelomana tena mahomby.

Ny nanao tsy nisy andraso Toa izany ny fiompiana
 Efa nahazo omby. trondro

Ny Projet PSA Tafita Ny vola hameno ny kita-
 Hampivoatra ny fiainantsika pontsika

Manaova ianao fa hahita Atoa Abel sy Haja
 Raha mampihatra teknika No tekisihanina mam-
 pita
 Harena be ho haza

R Mode- FKH Ialamarina

On peut résumer aussi ces réflexions et ces débats d'intellectuels, de chercheurs et de dirigeants du monde.

Il y a en effet, beaucoup de théories contradictoires, de conseils et recommandations, de stratégies pour trouver la porte de sortie de cette pauvreté. Est-ce l'argent et le crédit qui sont insuffisants ? Est-ce un problème de gestion des moyens ? Est-ce un manque d'organisation ? Est-ce une pénurie d'idées et de solutions pratiques qui provoquent ces arrêts à mi-chemin ?

C'est à nous, pisciculteurs de chercher les bonnes réponses qui nous conviennent.

Dans l'histoire du développement rural, il est constaté que les « grandes révolutions agricoles » ont été le résultat d'un travail étroit entre les paysans eux mêmes, maîtres du terrain, et les techniciens-chercheurs, maîtres du savoir : L'espèce de zébu croisé « Renitelo » avait été produite par un paysan malagasy en bonne collaboration avec des techniciens vétérinaires de l'Etat. La race « Renitelo » figure dans les ouvrages scientifiques mondiaux ; son état qui fait exception parmi les autres de la variété de riz de luxe « Ali como » avait, au départ, été observée par un petit agriculteur du Lac Alaotra, avant d'être reconnue par les autorités et l'Etat; le SRI (Système de Riziculture Intensif) qui est actuellement appliqué en Chine, au Vietnam et qui intéresse les Américains avait été observé « par accident » par les élèves-paysans du Père De Laulanié en apercevant quelque chose de bizarre dans leur pépinière en 1978 !

En résumé, le travail de développement est surtout un travail entre paysans et chercheurs. Un contrat de confiance où le seul indicateur est l'augmentation et l'amélioration de la production.

Ce journal des éleveurs des poissons est un véritable moyen d'échange techniques et d'informations. Échangez vos innovations, observations et questions grâce à ce support. Les échanges enrichissent l'expérience individuelle. Le développement est essentiellement une action communautaire, une démarche trop personnelle est limitée voire risquée.

Des paysans riches existent-ils ? Une enquête a révélé qu'un paysan pauvre avait un revenu monétaire de 30.000 Ar/an seulement. Un paysan riche peut avoir plus de 600.000 Ar/an. Est-il riche, imagine-t-on, car il possède beaucoup de terres ? Ou peut être a-t-il la capacité de spéculer ou de faire d'autres activités non agricoles ?

Non, la vérité est que ces « paysans riches » sont issus d'une association sous quelque forme que ce soit. Ils savent s'organiser en mettant en commun leurs propres efforts et leurs propres fonds.

Organisons- nous d'abord! Je vous souhaite, les éleveurs de poissons, d'avoir une bonne route ! Et que l'abondance viendra dans vos cheptels piscicoles. Merci encore !

RABEKOTO Augustin Honoré (Sociologue)

LA CULTURE D'HARICOT ET LA PISCICULTURE

La culture de haricot

Est une activité rentable

Les bénéficiaires de chaque îlot Et de même pour la
 Ont chacun un zébu dans l'étable. pisciculture

Le projet PSA Transmises par les services
 Nous aide à progresser d'appui

Ils observent que les techniques
 sont appliquées

Puis analysent les résultats Messieurs Haja et Abel
 Comptent parmi les vulgarisateurs fidèles
 Souhaitons leur fortune et respect
 Et que leur vie soit belle

R Mode- FKH Ialamarina